Lutheran Hour Ministries
Madagascar

Ako n'ny FEON'NY FILAZANTSARA

Miseho in-telo isan-taona | Laharana manokana | Oktobra 2010

"... mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra." 2 Tim. 3:17

Fiaraha-miombon'antoka Fiangonana/FF

Tsy miato akory

Somary nangina ny gazetintsika efa ho roa taona izay. Antony ara-teknika nifangaro tamin'ny fiainam-pirenena io saingy ny asa manodididna ny fitoriana ny Filazantsara kosa mitohy hatrany. Raha tsiahivina mantsy dia tsy latsa-danja mihitsy eto amin'ny Feon'ny Filazantsara ilay endrim-piaraha-miasa amin' ny Fiangonana izay atomboka amin'ny Fampiofanana antsoina hoe: "Fampitaovana ny olona masina". Anjara biriky kendren'ny Feon'ny Filazantsara (FF) amin'izany izay hampahomby bebe kokoa ny Tafika Masina efa ataon'ny Fiangonana. Nitohy tsy nijanona io fiaraha-miombon'antoka na "partenariat" io nanomboka ny taona 2005 ka hatramin' izao taona 2010 izao. Fampiofanana miisa 13 izay no vita, izay nahakasika Synodam-paritany 7 (SPMA, SPAnta, SPAM, SPFT, SPAF, SPAts, SPA). Mbola azo antoka koa anefa ny fitohizany.

Mpandray anjara tamin'ny fampiofanana natao tany Moramanga, Aprily 2007.

Fampitaovana ny Olona Masina

Taom-piasana roa misesy

Ambanja

Natomboka tany amin'ny faritra Avaratry ny Nosy ny fiaraha-miasan'ny Fiangonana sy ny FF hoan'ny taom-piasana 2008/2009. Kristiana miisa 32 avy amina FLM fito ao amin'ny Fileovan'Ambanja (SPA): Ambanja, Manongarivo, Ankaramy, Djangoa, Soatanana, Maherivaratra, Anjabory no nahazo anjara fampiofanana ny 26-28 Novambra 2008. Nanotrona tamin'izany sady nampiofana ireo raiamandreny Pastora isany: Randriamanampisoa Johnson, mpitondra Fileovan'Ambanja sy Rabesoa mpitondra Fitandremana Manongarivo.

Mahanoro

Ny 23-25 Aprily 2009 kosa no anjaran' ny Fileovana Mahanoro (SPTm). Fiangonana mpiara-miasa miisa enina avy amin'ny Fitandremana Mahanoro sy Fitandremana Mahamasina Ibonaka no nandray anjara, dia ny FLM: Mahanoro, Betsizaraina, Ambodiharina, Mahamasina Ibonaka, Ilaka Est, Antanambao Manampotsy izay nahitana mpiofana mitontaly 35. Nanatrika no sady nandray anjara tamin'izany ireo raiamandreny Pastora isany: Ramaroson Bruno mpitondra Fileovana no sady mpitondra Fitandremana Mahanoro sy Rakotonindrainy Gilbert, mpitondra Fitandremana Mahamasina Ibonaka.



Tsy nahasakana ny firosoan'ny asa ny tsy fisian'ny herinaratra.

☞ Ho hitanao ato

p.1 Fiaraha-miombon'antoka Fiangonana/FF : Tsy miato akory
p.1 Fampitaovana ny Olona masina: Taom-piasana roa misesy
p.3 An'iza indray àry?
p.4 Volontaires FF : Samy nahazo anjara
p.4 "...Mitsangàna, mandehana; ….dia ampaherezo ireo rahalahinao"

Atoa Andrianasolo Jaona, Talen'ny FF, manolotra sertifika.



Velon-kira eny anelanelam-potoana ireo mpiofana tao Mahanoro.

Fianarantsoa

Anjaran'ny tany amin'ny Fileovan'ny Fianarantsoa (SPAf) kosa ny 30 Aprily - 1,2 May 2009. Fiangonana mpiara-miasa enina nahitana ny FLM: Amontana, Mahazengy, Lalazana, Masombahoaka, Antanifotsy, Ampitankely), niampy ny Aumônerie n' ny Fonja ao Fianarantsoa no nandray ny fampiofanana ka niisa 31 ny mpiofana. Nanotrona tamin'izany ireo raiamandreny Pastora Randrianarivonirina Dieu Donné mpitondra Fitandremana Amontana sy Pastora Randriamarolahy Andraina V, aumônier n'ny Fonja.



Vonona hatrany amin'ny fiaraha-mikaon-doha.

Nitondrana ny vatsim-panahy ho an'ireo mpiofana ny Pastora Dieu Donné Randrianarivonirina.

Ankatso

Hoan'ny taom-piasana 2009/2010 indray dia niatomboka tao amin'ny Fileovan'Ankatso (SPAnta) ny 15, 16, 17 Oktobra 2009 ny fampiofanana. Mpandray anjara miisa 35 avy amina Fiangonana mpiara-miasa valo dia ny FLM Manjakandriana, Ebenezera Sabotsy Namehana, Tsarahonenana, Anjozorobe, Fiaferana, Androhibe, Imamba, Belanitra no nampiofanina. Raiamandreny Pastora sy Teolojiana maro no tonga nanatrika izany izay nahitana an'i Pastora Randrianirina Solofoson Gilbert, mpitondra Fileovana Ankatso sy Past Rasamimanana Raymond, mpitondra Fitandremana Ankatso, izay samy isan'ireo mpampiofana, Past Rakotondravelo Tolojanahary Charles, mpitondra Fitandremana Belanitra, Past Razafindrakoto Martin, mpitondra Fitandremana Ebenezera Vaovao, ireo Teolojiana Razaiarinisa Vahatriniaina (Tale Sefatel) sy Ranaivo Andriamanalina Lovatiana (Toby Fiaferana) ary Rasolofoson Harinirina (Tale FOFIKRI).

Ireo tompon'andraikitra ao amin'ny FF mampita ny fomba fandrafetana programan'asa

Mahamasina Ibonaka

Notontosaina tany amin'ny Fitandremana Mahamasina Ibonaka, Fileovan'ny Mahanoro (SPTm) kosa ny fampiofanana faharoa ny 13, 14, 15 Desambra 2009. Fiangonana mpiara-miasa valo no voakasika dia ny FLM Antanamandresy, Tetezambola, Ambodinonoka, Ambatoerana, Niarovana Caroline, Ampasimazava, Andranambolava, Toby Mahamasina. 32 no mpiofana. Fa sady nandray anjara nampiofana no nanotrona ny fampiofanana ny raiamandreny Past Ramaroson Bruno, mpitondra Fileovana Mahanoro sy Past Rakotonirina Gilbert, mpitondra Fitandremana Ibonaka.

Ny Pastora Ramaroson Bruno

Fifaliana hatrany ny fiarahan'ny rehetra maka sary

Ambohitompoina

Ny fampiofanana fahatelo farany dia tontosa tany amin'ny Fileovan'Ambohitompoina (SPAM), ny 18, 19, 20 May 2010. Nahatratra 39 ny mpandray anjara. Tonga nanatrika izany ireo Katekista miisa enina dia avy amin'ireo Fiangonana fito mpiara-miasa : FLM Ambohitompoina, Ambatosira, Tsaramiera, Namahanambasy, Vohitrambo, Anjamanga, Faravohitra. Nanatrika sady nandray anjara nampiofana ihany koa ny raiamandreny Pastora Lantoniaina David Emmanuel, mpitondra Fileovana.

Tsy ahafaha-mitraka ny asam-baomiera.

Ny Pastora Lantoniaina D. no nanolotra ny sertifika an'ireo mpiofana.

Tao am-piangonana no notontosaina ny fampiofanana.

An'iza indray àry ?

Kasaina notanterahina ny volana Septambra 2010 tany amin'ny Synodam-Paritany Manakara (SPMa) ny fampiofanana voalohany hoan'ny taom-piasana 2010/11. Ity fampiofanana ity dia vokatry ny fiaraha-miasa izay natsanganan'ny FF sy ny KTLM (Kristiana Tanora Loterana Malagasy) avy ao amin'ny FLM Tsarahonenana, Fileovana Ankatso (SPAnta). Nanatontosa rindran-kira roa lehibe nitoriana ny Filazantsara tao Manakara ireo Tanora ireo. Mandalo ihany ao Manakara anefa ireto KTLM Tsarahonenana ireto ka ilaina amin'izany ny Fiangonana mpiara-miasa any an-toerana hanao fanarahana ny olona nandray ny hafatry ny Filazantsara nandritra ny rindran-kira (suivi). Solontena avy amin'ireo Fiangonana ireo no saika hampiofanina. Tsy tanteraka anefa io Fampiofanana io nohon'ny tsy-fahavononan'ireo tompon' andraikitra any an-toerana, ka voatery ahemotra amin'ny fotoana manaraka.

Ny 08, 09, 10 Oktobra ho avy izao no ho tanterahina ny Fampiofanana any amin'ny Fileovana Andohamatsiatra (SPAf) izay hiarahana amin'ny Fitandremana 5. 35 no mpandray anjara antenaina hanatrika izany ka ny 7 amin'izy ireo dia mpianatra avy amina Sekoly.

FEON'NY FILAZANTSARA
VOIX DE L'EVANGILE
Lutheran Hour Ministries - Madagascar
II-V 72 bis Ampandrana - BP 3111 - 101 Antananarivo
020 22 210 42 - 032 54 635 53
033 15 635 53 - 034 20 635 53
lhmmad@orange.mg - www.filazantsara.org

Tanjon'ny gazety. Ho fitaovam-pifandraisana sy fampahalalam-baovao ho an'ny mpiara-miasa rehetra amin'ny asa fitoriana ny Filazantsara. (Pastora, Mpanohana, 'Volontaire' isan-tsokajiny) no antom-pisian'ity gazety ity.
Ny hitondrana fampahafantarana mikasika ny Feon'ny Filazantsara sy ireo sehatr'asa izay atolony ary ny fiaraha-miasa izay atsangany no fikendrena amin'izany.

Volontaires FF

Samy nahazo anjara

Nisy Fampiofanana indroa miantaona hoan'ireo Mpiara-miasa an-tsitrapo eto amin'ny faritra Antananarivo sy ny manodidina notanterahina teto amin'ny Foiben'ny Feon'ny Filazantsara Ampandrana. ny 06, 10, 17 sy ny 24, 27 martsa 2010. Fampiofanana hoan'ireo "Volontaires"-ny FF izay miandraikitra sehatr'asa iray na maromaro (Kilasy Fianarana Baiboly ara-Pifandraisana, Biblioteka, Horonan-tsarimihetsika arahina fifanakalozan-kevitra) no natao tamin'izany. Kendrena tamin'io ny hahazoana manatsara sy mampandroso hatrany ny asa Fitoriana ny Filazantsara.

Atoa Andrianasolo Jaona, Talen'ny FF, no nanatontosa manontolo ny fampiofanana

Liana tokoa ireo mpiara-miasa an-tsitrapo.

Ny sary niarahan'ny mpianakavin'ny FF.

"...Mitsangàna, mandehana; ...dia ampaherezo ireo rahalahinao" (Lioka 17: 19a-22:32b)

Mpiantafika tsara vatsy no azo ilazana ireo rehetra nandalo fiofanana nokarakarain'ny Feon'ny Filazantsara nandritra ny 5 taona izay. Fahalalana mahaliana sy tena ilain'ny maro mantsy no tovozina ao anatin'ity Fampiofanana "Fampitaovana ny olona masina" ity. Telo andro tsy miato no fepotoana hiofanana. Mandray fahalalana ara-teorika aloha ny mpiofana. Santionany amin'izany ny mikasika ny fanontaniana hoe: "Nahoana isika no mitory ny Filazantsara?", "Ireo fomba fitoriana maro samihafa", " Ny fandraisana an-tànana ireo olona manatona ny Fiangonana" sns. Dinihina ao anatin'ity fampiofanana ity koa anefa ny lafiny pratika, ohatra ny "Fananganana programan'asa Tafika Masina sy fanaovana tatitra" sns.

Mbola manatsara hatrany ny fampitana ny fampiofanana ho mora raisina ny Feon'ny Filazantsara hatramin'izao.

Hoentina ambavaka manokana

- Ireo Tafika Masina atao isan-toerana.
- Ireo Mpiara-miasa an-tsitrapo.
- Ireo olona nanatona vokatry ny asa fitoriana natao.

Lutheran Hour Ministries - Madagascar **Feon'ny Filazantsara - Voix de l'Evangile**
BP 3111 Antananarivo 101 MADAGASCAR - Tel : 020 22 210 42 - 032 54 635 53 - 033 15 635 53 - 034 20 635 53
e-mail : lhmmad@orange.mg website : www.filazantsara.org
Tonia : Andrianasolo Jaona Isan'ny natonta : 1000